REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISTERAN'NY VOLA SY NY TETI-BOLA
SEKRETERA JENERALY
FOIBEM-PITONDRANA ANKAPOBEN'NY HETRA

FAMPAHAFANTARANA

Ny Foibe mpitondrana Ankapoben'ny Hetra dia manohy hatrany ny ezaka amin'ny fanomezana fahafampo ho an'ireo mpandoa hetra amin'ny alalan'ny fampitana ireo vaovao tsara ho fantatra momban'ny hetra.

Ao anatin'izany ny fampitàna hafatra amin'ny alalan'ny "SMS" ho an'ireo mpandoa hetra.

Eo ihany koa ny fampitam-baovao amin'ny alalan'ny ny fandefasana mailaka.

Ary ny fandefasana taratasy mampatsiahy ny mpandoa hetrany amin'ny adidy ara-ketra izay tokony hotanterahiny.

Noho izany, mba ahafahan'ny mpandoa hetra tsirairay misitraka izany tombontsoa mikasika ny fampitam-baovao izany,ny Foibem-pitondrana Ankapoben'ny hetra dia mampatsiahy fa, araka ny andinin-dalana faha 20.05.08 ao amin'ny fehezan-dalana ankapobeny momban'ny hetra, ireo mpandoa hetra izay nisy fiovana ny mombamomba azy sy ny asa ataony dia tsy maintsy mampandre ny sampandraharahan'ny hetra miandraikitra azy ao anatin'ny 20 andro. Voakasik'izany mivantana ny adiresy, ny laharan'ny finday ary ny adiresy mailaka. Ny tsy fanatanterahana izany dia mahavoasazy amin'ny fandoavana lamandy mitentina Ar 100.000 araka ny andin-dalàna faha 20.01.56.15 ao amin'ny fehezan-dalana voalaza etsy ambony ihany.

Ny fahamarinan'ny adiresy, laharan'ny finday, ny adiresy mailaka izay omen'ny mpandoa hetra eo anivon'ny sampan-draharahan' ny hetra manomboka izao dia tsy adidy fotsiny ihany fa tena antoka iray ahafahan'ny mpandoa hetra mahazo ny vaovao tsara ho fantatra momban'ny hetra.

ANTANANARIVO, 06 AVR 2018

LE DIRECTEUR GENERAL DES IMPOTS.

DIRECTION GENERALE DES IMPOTS
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

RAZAFINDRAKOTO Iouri Garisse
Inspecteur des Impôts